


ce 23/07/24
JU PV
✓
GKA w_06
Rogn 2
36

FIRMA: Andrianasolo Romy Jada



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO
FOTOAM-PIVORIANA MANOKANA
TAONA 2024**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-6

**FIFIDIANANA IREO FILOHAN'NY VAOMIERA MAHARITRY
NY ANTENIMIERAMPIRENENA**

Fivoriana faha-6
Natao ny
Zoma 12 Jolay 2024
- Maraina -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa TOKELY Justin

MPITANTSORATRA: - Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco
- Andriamatoa SOAFILIRA Princia

FOTOANA: Zoma 12 Jolay 2024, tamin'ny 10 ora sy 30 minitra, maraina.

FANDAHARAM-POTOANA: Fifidianana ireo Filohan'ny Vaomiera Maharitry ny Antenimierampirenena

Nitohy ny Zoma 12 Jolay 2024, tamin'ny 10 ora sy 30 minitra, maraina, ny fivoriambe ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa TOKELY Justin, Filoha no nitarika izany.

Rehefaavy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco, Kestora Voalohany no nanatanteraka izany.

Taorian'izay, nisaotra an'Andriamatoa Kestora Voalohany, tamin'ny nanatontosany izany, Andriamatoa Filoha no sadymampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony.

Rehefa izany, nanamarika, Andriamatoa Filoha, fa mbola tsy tonga ato anaty efitrano fivoriana daholo ireo Solombavambahoaka nilatsaka hofidiana, ka nitondra sosokevitra ny tenany raha afaka miandry kely aloha vao miroso amin'ny fifidianana ny mpivory.

Nanao satroka Ramatoa SOHANDRARIMALALA Marie Michelle, fa ny kandidà RAJOELINA Andriamharimanana Seth dia efa nandefa taratasy fialan-tsiny ny tenany, fa misy antony lehibe tsy ahafahany manatrika izao fifidianana hatao anio izao ary manamafy izy fa milatsaka hofidiana ho Filohan'io Vaomiera voalaza amin'ny anarany io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, ny Solombavambahoaka rehetra tonga nivory no nanaiky fa aleo aroso ny fifidianana.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, taorian'izay fa hatao avy hatrany ny fifidianana rehefa vita ny fampahafantarana ireo Solombavambahoaka nilatsaka hofidiana.

Rehefa izany, niangavy an'ireo kandidà hirotsaka hofidiana ho Filohan'ny Vaomiera Maharitry eto amin'ny Antenimierampirenena, Andriamatoa Filoha, mba hiroso eny anoloana mba ho fantatry ny Solombavambahoaka rehetra.

Taorian'izay, niangavy Solombavambahoaka iray ny tenany hanao ny fampahafantarana azy 32 mianadahy, ka Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina no nanao izany.

Taorian'ny fiarahabana ny rehetra, nanambara ny tenany, fa izy no nosafidin'ny Vovonana IRMAR hanolotra sy hampahafantatra ireo kandidà ho Filohan'ny Vaomiera Maharitra eto amin'ny Antenimierampirenena araka ny tapaka tamin'ny fivoriana nataon'io Vovonana io sy ny tsy miankina izay manohana ny Fitondram-panjakana amin'izao fotoana izao.

Nambarany fa nandritra ny 14 taona ny tenany no parlemantera. Nohamafisiny koa tsy resaka politika ihany no atao ato amin'ny Antenimierampirenena, fa misy koa ny fahaiza-manao sy ny ara-teknika. Izay no antom-pisian'ireo Vaomiera isankarazany ato amin'ity Andrimpanjakana ity, tahak'izay koa ny antony anomezana mpanolotsaina ny parlemantera. Teo anatrehan'izany, ireo oona atolotra ireo no hita fa mandray roa, sady vanona no vonona. Samy manana traikefa izy ireo satria teknisiana daholo. Izany no antony nisafidianana an'ireo Solombavambahoaka ireo ho Filohan'ny Vaomiera Maharitra.

Fanentanana ny Solombavambahoaka mba hifidy azy 32 mianadahy ho Filohan'ny Kaomisiona no namaranany ny teniny.

Taorian'izay, nomena fitenenana, Andriamatoa BOTOTEFY Herimanantsoa Odilon, Solombavambahoaka voafidy tany Vondrozo. Hafatra ho an'ireo Solombavambahoaka hirotsaka hofidiana ho Filohan'ny Kamisiona no naampitany; aoka mba tsy hisy kiantranoantrano ny zavatra atao rehefa lany eo ianareo.

Nomarihany koa fa manam-pahaizana amin'ny resaka "finance publique" ny tenany, kanefa efa feno ny toerana tokony hahampilatsaka hofidiana azy amin'ny Filohan'io Vaomiera io talohan'ny nidirana tato amin'ny efitrano fivoriana. Nangataka an'Andriamatoa Filoha, ny tenany mba hijery akaiky ny toe-javatra tahaka izay satria iankinan'ny aim-pirenena ny fanaovana "loi de finances"ka tsy mety ny toy izany.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fifidianana ny mpivory.

Nomarihany fa mitovy amin'ny teo aloha ihany no ho fizotry ny fifidianana: taratasin-datsabato tokana no ampiasaina, mandroso eny anoloana izay voatonona anarana, maka ny taratasin-datsabato, mandeha ao amin'ny trano fisainana ary aorian'izay mandatsaka ny vato ao anaty vata mangarahara sady manonona ny anarany sy ny Distrika nahavoafidy azy.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fandatsaham-bato ny Solombavambahoaka.

Rehefa izany, niangavy Solombavambahoaka miisa 4 hanao ny fanaraha-maso ny fifidianana sy ny fanisam-bato, Andriamatoa Filoha, ka ireto avy izany,

Andriamatoa isany:

- RAMILISON Andriamampionona Nomenjanahary
- RAFIDIMANANA Désiré
- SYLVIE Liva Gervais
- MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa

Nanao satroka, Andriamatoa RAJAobelina Lova Herizo, nandritra ny fanisam-bato, fa raha mahazo vato 100% ny biletà iray, avy hatrany dia ambara fa eny no valiny, ny tsy nahazo an'izany kosa anaovana fanamarihana. Izany hoe, lazaina mivantana ny vato azon'ny kadidà.

Andriamatoa MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa no nanambarany vokatry ny fifidianana taorian'ny fanisam-batoa, ka toy izao izany:

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 163
- Isan'ny mpandatsa-bato: 125

Fanamarihana: Ireo voarafitra ao anaty tabilao eo ireo no vokatry ny latsabato taorian'ny fifidianana araka ny filaharan'ny Vaomiera Maharitra eto amin'ny Antenimierampirenena.

Election Commission	Nom	Prénom	Votants	Exprimer	Blancs	Nulls
Commission de la Défense Nationale	IMBIKY	Herilaza	125	122	3	0
Commission des Affaires Étrangères	RAZAFIMAHATRATRA	Daniel Jean Christian	125	121	4	0
Commission Juridique	RABY SAVATSARA	Ain'Harimanga Gabrielle	125	122	3	0
Commission Décentralisation et Aménagement du Territoire	RAJOELINA	A. Seth	125	121	4	0
Commission Économie et Finance	RAZAFIMAHEFA	Tianarivelo Edouard	125	122	3	0
Commission de l'Intérieur	MAMINIRINA	Jolce	125	121	4	0
Commission de la Sécurité publique	NAKANY	Charly Zafimagnely	125	120	5	0
Commission de l'Industrialisation	NOURDINE	Chabani	125	121	4	0
Commission de l'Agriculture et de l'Elevage	RAZAFINDRABARY	Richard	125	120	5	0
Commission de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique	RAZAFIHARISON	Andriamanantena	125	120	5	0
Commission de l'Éducation Nationale	ANDRIANASOLO	Andrianaina Jean Patrick	125	120	5	0
Commission de l'Enseignement technique et de la Formation Professionnelle	RANDRIANANTENAINA	Olivier Anthony José	125	123	2	0
Commission de la Santé publique et du Planning familial	RAJAOBELINA	Lova Herizo	125	122	3	0
Commission de la Population et de la Solidarité	BAVY	Angelica	125	122	3	0
Commission du Tourisme et de l'Artisanat	TSARADIA	Marco	125	122	3	0
Commission du Développement Numérique, des Postes et des Télécommunications	RAMANANJARASOA	Clarisse Eugénie	125	121	4	0
Commission de l'Énergie et des Hydrocarbures et de l'Électrification rurale et des Ménages	ROCHELIN	Houssen	125	121	4	0
Commission des Travaux Publics	TSITARA	Rojers Osman	125	121	4	0
Commission des Transports et de la Météorologie	RAZAFITSIALA	Velomanana Solomampionona	125	121	4	0
Commission du Travail, de l'Emploi et de la Fonction Publique	ANDRIANIRINA	Narcis	125	121	4	0

Commission de l'Eau, de l'Assainissement et de l'Hygiène	SAORY	Christian	125	121	4	0
Commission de la Pêche et de l'Économie Bleue	MENAVOLO	Alban	125	121	4	0
Commission des Mines	RATSIMANDRIONA	Aida Hardy	125	121	4	0
Commission de la Communication et de la Culture	MARA	Volamiranty Donna	125	117	8	0
Commission de la Jeunesse et Sports	RATSIVAHINISOLO	Andriniony	125	118	7	0
Commission de l'Environnement et du Développement Durable	RAZAFINDRAMASY	Faralahy Célestin	125	117	8	0
Commission de la Gendarmerie Nationale	JAOZANDRY	René	125	117	8	0
Commission des Nouvelles Villes et de l'Habitat et de l'Aménagement du Territoire	RADAFINDRANARO	Andriamanga Rijaniaina Thierry	125	116	8	1
Commission de la Bonne gouvernance, de la Transparence, de la redevabilité et de la lutte contre	VELONJARA	Théophiline	125	117	8	0
Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques	RAKOTOARISOA	Nirina Fenohery Jhonny	125	121	4	0
Commission du Climat des Affaires, de la promotion de l'entreprenariat et des investissements	MANASOA	Donat Tang	125	121	4	0
Commission du Commerce	RANDRIAMANANTENA	Stipio	125	121	4	0

Taorian'izay, nambaran'Adriamatoa Filoha fa lany no Filohan'ny Vaomiera Maharitra eto amin'ny Antenimierampirenena izy 32 mianadahy vao nofidiana teo.

Niarhaba sy nirary soa azy ireo hahaleo hahalasa amin'ny adidy goavana hosahaniny, Adriamatoa Filoha.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hatao afaka fotoana fohy ny lanonam-pamaranana ny fitoam-pivoriana manokan'ny Antenimierampirenena, taona 2024.

Niato tamin'ny 12 ora sy 15 minitra, atoandro, ny fivoriana, rehefa nisaotra ny mpivory, Adriamatoa Filoha.

